le 08/07/25
5e PV
PV n°48 clôture

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2025

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-48

**LANONAM-PAMARANANA AMIN'NY FOMBA OFISIALY NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2025**

Fivoriana faha-22
Natao ny
Zoma 3 Jolay 2025
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany: - RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michaël
- MILAVONJY Andriasy Philobert

**FOTOANA:** Zoma 7 Jolay 2025, tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-pamaranana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2025.

Fanamarihana: Firedonana ny Hiram-pirenena no nanombohana ny lanonam-pamaranana tamin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2025.

Rehefa izany, niredona ny hira fanevan'ny Andrimpanjakana indray ny Antoko mpihiran'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny mpivory

- Lakolosy -

**- 1 -**
**- Fitohizan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantsika.

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2025 izao.

Alohan'ny hirosoana amin'ny votoatin-draharaha dia tiako ny mampahafantatra antsika fa efa azontsika tsidihana ao amin'ny tranokalan'ny Antenimierampirenena ny gazety Akon'ny Antenimierampirenena laharana faha-18.

Iangaviana ny Mpitantsoratra izao mba hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-206 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

**- 2 -**

**- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-206 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena -**

**Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana :
Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana May ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa, izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Andininy faha-206 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena :
Ny Filoha no manambara ny fikatonan'ireo fotoam-pivoriana ara-potoana roa isan-taona eo amin'ny fiafaran'ny famaranana ny fivoriana farany voafaritry ny diniky ny Filoha enimpolo andro aorian'ny fisokafan'ny fotoam-pivoriana isanisany.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra ny Mpitantsoratra isika namaky ny andinin-dalàna teo.

Hiroso amin'ny lahateny famaranana isika izao.

**- 3 -**

**- Kabary nataon'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena**

**Andriamatoa FILOHA**
Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;
Ianareo Loholon'i Madagasikara izay manatrika etoana;
Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;
Andriamatoa Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany izay misolotena ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;
Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;
Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny Governemanta izay manatrika etoana;
Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahoaka namana hajaina izay tonga eto;
Ramatoa Filohan'ny Fitsarana Avo;
Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Zon'olombelona;
Andriamatoa misolotena ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana;
Andriamatoa Sekretera Mpanatanteraka eo anivon'ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;
Ianareo Mpandraharaha sy mpiara-miasa rehetra eto anivon'ny Antenimierampirenena araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy;
Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino vaky jery samihafa;

Ianareo olo-manan-kaja Sivily sy Miaramila araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy;
Tompokolahy sy Tompokovavy;

Ampifaliana hatrany no ihaonana amintsika rehetra sy anolorana ny Lahateny ho famaranana amin'ny fomba ofisialy izao fotoam-pivoriana ara-potoana voalohany eto amin'ny antenimieram-pirenena, taona 2025 izao.

Deraina mandrakariva anie, Andriamanitra Andriananahary izay nanome hery sy tanjaka ary fahendrena ho antsika rehetra nandritra iny fotoam-pivoriana iny.

Mialohan'ny tafa, tsy hainay ny tsy hisaotra anareo vahiny manan-kaja izay tonga mavitrika hatrany manotrona anay ato amin'ny Antenimierampirenena amin'ny fotoana tahaka izao.
Koa na ny vahiny na ny tompon-trano dia atambatro ny fiarahabana ho mari-pifandraisan-tànana.
Koa arahaba Tompokolahy, finaritra Tompokovavy.

Ny hanombohana ny Lahateny dia mamelà ahy ianareo raha hahatsiaro ireo havantsika mpiray tanindrazana, izay niharam-boina tamin'ireny fahapoizinana ara-tsakafo ireny. Koa amin'ny anaran'ny Antenimierampirenena iray manontolo no itondrana ny teny fampiononana ho an'ireo manamanjo sy itondrana ny teny fankaherezana ihany koa. Mirary fahasitranana feno ho an'ireo izay mbola eo andalam-pitsaboana. Ny olombelona hono mitsabo, fa Andriamanitra no manasitrana. Koa mivavaka Aminy isika mba hamindra fo amin'ireo izay mbola andalam-pitsaboana, ka izy Andriamanitra Tompontsika anie hanome fahasalamana azy ireo faran'izay haingana.

Ny fiainana eto an-tany dia tantely amam-bahona; na dia teo aza ireo voina samihafa ireny dia teo ihany koa ny fankalazana ny fetin'ny 26 Jona, izay nankalazana ny faha 65 taona nahazoantsika ny fahaleovantena. Koa mbola mamerina hatrany ny fiarahabana ny vahoaka Malagasy tratrin'iny fetim-pirenena iny ary nahatontosa ny hetsika maro samihafa izay nanamarihana ny fankalazana izany asaramanitra izany ho an'ny voninahi-pirenena.

Tompokolahy sy Tompokovavy;
Ho toy ny mahazatra dia tsy ataonay ambanin-javatra ny mitanisa fohy ireo asa vita teto amin'ity Andrimpanjakana ity nandritra izay 60 andro nisian'ny fotoam-pivoriana izay, mba tsy haha tompon-trano mihono ny vahoaka Malagasy.

- Teo amin'ny Volavolan-dalàna dia miisa 13 no nipetraka tato amin'ny biraon'ny Antenimierampirenena; ka ny 11 lany tsy nasiam-panitsiana fa ny 2 kosa lany nasiam-panitsiana ka miisa 4 ny fanitsiana natao taminy.

- Teo amin'ny Tolo-dalàna kosa dia miisa 14 no totaliny tonga tato amin'ny Antenimierampirenena, ka ny 8 tamin'ireo dia avy tato amin'ny Antenimierampirenena, fa ny 5 kosa, avy tany amin'ny Antenimierandoholona. Ny 6 tamin'izany no lany teto amin'ny Antenimierampirenena, izay samy nasiam-panitsiana avokoa ary nahatratra 167 no isan'ny fanitsiana natao. Noho izany, ny 8 tamin'reo Tolo-dalàna ireo dia nahemotra amin'ny fivoriana manaraka ny fandinihana azy.

Niarahantsika nahita ihany koa fa:

- Tontosa soa-aman-tsara ny Alakamisy faha-12 sy ny Zoma faha-13 Jona lasa teo ny fihaonana teo amin'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka izay nahitana taratra ny Demokrasia sy ny fanajàna ny fifandanjam-pahefana eto amin'ny firenena.
  Nahatsapana ny fahamatorana ara-politika sy ny finiavan'ny Governementa ary ny fitondram-panjakana hanatanteraka ny Vina napetrany amin'ny alàlan'ny fanatanterahana ireo fandaharan'asa izay voafaritra ao amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana na ny PGE ny fihaonana natao teto ireny.
  Nandray anjara mavitrika hatrany ny Solombavambahoaka nandritra ny 2 andro nisian'ireo fihaonana ireo ary niharitra hatramin'ny farany avokoa, indrindra tamin'ny andro faha-2 izay tamin'ny 1 ora, maraina, latsaka kely vao nirava ny fivoriana tao amin'ny Antenimierampirenena.

- Mitondra fosaorana ho an'ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, Andriamatoa Andry RAJOELINA, tamin'ny nankatoavana teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra farany teo, ny fampitana am-bava momba ny fivorian'ny komity mpanantateraka ny FP-SADC (Comité Executif du Forum Parlementaire de la SADC) amin'ny volana Novambra 2025 sy ny fivoriamben'ny FP-SADC (Assemblée Plenière) ny volana Jona 2026 eto Antananarivo.

Ireto indray misy tranga vitsivitsy izay nanamarika iny fotom-pivoriana natao teto amin'ny Antenimierampirenena iny:

- Ny faha-7 May 2025:
  Fahatsiarovana ny faha-80 taona nandresen'ny vahoaka Rosiana nandritra ny ady lehibe faharoa.
  Nitarika izany ny fikambanana "Amis de la Russie à Madagascar" ary maro ireo Solombavambahoaka ao anatin'ny Vondrom-pinamanana "Russie-Madagascar" no nanome voninahitra ny lanonana.

- Ny faha-9 May 2025:
  Fanotronan'ny Antenimierampirenena ny lanonana fampahafantarana sy fanombohana ny tetikasa "Village Artisanal" teny Tsarasaotra sy ny tetikasa "Lac Iarivo" eny Ivato.

- Ny faha-10 sy ny faha-11 May 2025:

  Niatrika ny «Tournoi Freund Kitra» andiany faharoa izay nokarakarain'ny «Les Amis de l'Allemagne» teny amin'ny "Stade Alarobia" ny Antemierampirenena. Nandray anjara tamin'izany ny "ASAN Football" eto amin'ny Antenimierampirenena izay ahitana mpiasa Sivily sy Miaramila ary Solombavambahoaka.

  Nibata ny amboara voalohany ny ekipan'ny Antenimierampirenena nandritra izany lalao izany. Voafidy ho mpilalao mendrika indrindra ihany koa ny Solombavambahoaka ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy, voafidy tao amin'ny Boriborintany faha-VI eto Antananarivo ary ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Farafangana kosa no namono ny baolina tamin'ny lalao famaranana.

- Ny faha-15 May 2025:

  Tontosa ny Atrik'asa niarahan'ny Antenimierampirenena tamin'ny Vovonana misehatra amin'ny fihariana vary (Plateforme de Concertation pour la filière Riz) eto Madagasikara.

- Ny faha-28 May 2025 :

  Notanterahina teto amin'ny Antenimierampirenena ny fivoriana faharoa nataon'ny «Groupe de Travail National (GTN)» izay ao anatin'ny fanatanterahana ny tetikasa ho an'ny fitantanana mikasika ny fahasalamana sy ny zo ara-pananahana (SDSR) ary ny ady amin'ny VIH/SIDA.

- Ny faha-4 Jona 2025:

  Nandray anjara tamin'ny diaben'ny faha-65 taona nahazoan'i Madagasikara fahaleovantena ny teto anivon'ny Antenimierampirenena.

- Ny faha-10 Jona 2025:

  Nanao fanentanana mikasika ny fanafoanana sy ny tsy fanaparitahana fitaovam-piadiana sy ireo «akora midi-droa» teto anivon'ny Antenimierampirenena ireo teknisiana avy eo anivon'ny Governemanta, izay notarihin'Andriamatoa Minisitry ny Fiarovam-pirenena,

- Ny faha-3 Jolay 2025 :

  Tonga nanolotra ny paikadim-pirenena vaovao iadina amin'ny kolikoly (SNLCC) ho an'ny taona 2025-2030 teto ny Komitty Mitandro ny Fahitsiana (CSI).

Teo amin'ny famitana iraka tany ivelany kosa dia:

- Ny faha-22 sy 23 May 2025:
  Nandray anjara tamin'ny Fivorian'ny Fikambanan'ny Antenimiera ao amin'ny Vaomieran'ny Ranomasimbe Indianina (AP-COI) izay natao tao "Port-Louis-Maurice", ny solotenan'ny Antenimierampirenena Malagasy,

- Ny faha-2 ka hatramin'ny 6 Jona 2025:
  Notarihin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena Malagasy, amin'ny maha-Filohan'ny FP-SADC azy, tany "Victoria Falls-Zimbabwe", ny fivoriambe na ny "Assemblée plénière"-n'ny "Forum Parlementaire de la SADC (FP-SADC)" andiany faha-57.

Tompokolahy sy Tompokovavy;
Mahakasika ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny kosa indray dia tsy hanisy teny lava intsony izahay satria ireny efa nambaran'ny Solombavambahoaka nandritra ny fihaonana teo amin'ny Governemanta ireny avokoa ny hevitry ny Antenimierampirenena. Voatsidika tao ny firesahana ny olana maro samihafa any amin'ny Kaominina sy ny Distrika manerana an'i Madagasikara.

Zavatra roa (2) ihany no tsy maintsy resahana manoloana ny tranga niseho tato ho ato izay.

- Voalohany dia mikasika ity resaka fahapoizinana etsy sy aroa ity; mankahery hatrany ny fitondram-panjakana sy ny tomponandraikitra isan-tsokajiny amin'ny fanohizana ny ezaka rehetra mba hahitana ny tena marina momba ireny tranga nisian'ny faty olona ireny ny Antenimierampirenena.
  Entanina ihany koa ny vahoaka mba hitandrina sy hanome vaovao marim-pototra ary hifanome tànana amin'ny fanjakana sy ny tomponandraikitra isan-tsokajiny mba hisoroana sy hiadiana amin'ity resaka fahapoizinana ity.
- Ny faharoa dia manoloana ireo ady izay misy any ivelany any amin'izao fotoana izao; tokony hiroso bebe kokoa amin'ny fahavitan-tena ara-tsakafo isika Malagasy sady efa izany rahateo no laharam-pahamehana napetraky ny fitondram-panjakana izay tarihin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA. Ilaina ihany koa ny fiezahana hamokatra ny filàna eto an-toerana mba hampihenana ny fanafarana ny zavatra ilain'ny vahoaka andavan'andro.

**- 4 -**

**- Fifaranan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy;
Izay no voaomama, izay no voalahatra.
Mamerina ny fisaorana antsika rehetra naharitra nihaino hatramin'ny farany.

Mirary soa mandrakariva ho an'ny vahoaka Malagasy tsy vaky volo; ho salama vatana sy hitombo fahombiazana. Ho ela velona sy ho ela finaritra, higoka ny tsiron'ny tany sy ny andon'ny lanitra.

Isika mpitondra sy tomponandraikitra koa tsy ho latsa-danja amin'izany; ho tiam-bahoaka sy ho mamy hoditra hatrany.
Ho antsika Solombavambahoaka manokana dia fisaorana mitafotafo no atolotra antsika tamin'ny fanatanterahantsika ny adidy masina ho an'ny firenena sy ho an'ny vahoaka Malagasy nandritra iny fivoriana notontosaina teto iny.

Ny fahasoavana ho antsika mianakavy ary homba antsika mandrakariva anie Andriamanitra.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.

Ambarako fa mifarana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2025.

Mirary soa ho antsika rehetra ary mamerina ny fisaorana ihany koa.

- Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 50, minitra, atoandro ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny rehetra, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

ASSEMBLEE NATIONALE

**TOKELY Justin**